Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue de Clichy
753119 Paris Cedex 09
Tél. 01 45 96 03 05

Fiainam-pandresena. Ny fanoloran-tena atao amin'ny fitiavana, araka ny epistily ho an'ny Romana 12

Ny Kristy Jesosy Tompo, indray mandeha tsy miverina nanao fanatitra ny tenany, ny ainy, ny rany ho fanavotana ny olona rehetra ary tsy misy mahasolo izany. Kristsy Jesosy dia nanaiky nakanto sy nanantanteraka ny sitrapon'Andriamanitra Ray, ary izy no mampianatra antsika ny momba ny fanoloran-tena, ny fanatitra ; ary ambarany fa ho antsika mpanaraka azy, ny fanaovana fanatitra dia ny **fanaovana famindram-po** (Matio 9/13 sy Matio 12/7) ary **ny mitia an'Andriamanitra sy ny namana tahaka ny tena** (Marka 12/33).

Hampifaka hatrany ny firaisan'ny mpino, hampantanjaka ny fiombonana, hampandroso ny fiangonana, ny apostolin'ny Kristy dia mampita ny fampianaran'ny Kristy ho antsika fiangonana, fiombonan'ny olona masina koa manoro fa **ny fanoloran-tena dia fanatitra**, **ny manao fanatitra dia ny mandeha amin'ny fitiavana** (Efesiana 5/2). Ambarany ihany koa fa **ny fanaovana fanatitra dia mampifaly** (Filipiana 2/17) fa tsy mampimonomonona ; ary **ny fanatitra dia zavatra hita maso, vola fanampiana ny namana** (Filipiana 4/18). Akoatr'izany **ny fanatitra dia ny midera an'Andriamanitra no sady manao asa soa sy miantra** (Hebreo 13/15-16) ary koa **ny mivavaka amin'Adriamanitra ho an'ny olona rehetra** (1 Petera 2/5).

Ny mahalavo ny kristiana ary mampihevaheva ny fiangonana dia eo amin'ny fanaovana ny asan'Andriamanitra satria rahonan'ny fitiavan-tena sy ny fiheboheboana amin'ny fibodoana samy irery ny asa fa tsy manome toerana ny namana hafa na koa tsy mety mandray andraikitra noho no tahotra. Isika anefa dia asaina ho mpandresy ary ahatomombana izany dia maro ireo fampaherezana ao amin'ny Soratra masina fa ny toko faha 12 ny epitsily ho an'ny Romana no nofidiko manokana mampianatra antsika ny fanatitra, **ny fanoloran-tena araka an'Andriamanitra izay atao amin'ny fitiavana**.

1. Taomina, amporisihana isika kristiana rehetra tsirairay avy anolotra ny tenantsika ho fanatitra.
Ekena tanteraka fa « Andriamanitra no miasa ao anatintsika na ny fikasana na ny fanaovana hahantanteraka ny sitrapony ». Fahasoavana ho antsika izany ary manome toky sy antoka antsika fa tsy irery isika. Noho izany ataon'Andriamanitra izany dia misy fanamby ho an'ny fiainan'ny finoantsika dia ny manao ny asa ankinin'Andriamanitra amintsika ; ary raha tsy miasa isika dia mitovy, sahala ny manao tsinontsinona ny asa an'Andriamanitra ao anatsika koa resy, lavo, ary noho izany indrindra no ananarana, iangaviana, itaomana, iantsoana, ampaherezan'ny apostoly antsika : «… amin'izany mampahery aho, ry havana, noho ny famindram-pon'Andriamanitra, mba hatolotrareo ny tenanareo ho fanatitra velona, masina, sitrak'Andriamanitra dia fanompoam-pivavahana mety hataonareo izany » (andininy 1). Tsy noho isika fa noho Andriamanitra miasa ao amintsika, « noho ny famindrampon'Andriamanintra » dia manao fanatitra isika.

Misy ady ao anatintsika tsirairay avy dia ny manaiky ho ataon'Andriamanitra fiasam-pamonjena. Tsy manao fanatitra isika azahoantsika famindram-po fa manao fanatitra isika satria nomena ary mandray famindram-pon'Andriamanitra.

Noho ny finoan'ny Kristy Jesosy izay nankato sy nanaiky ny sitrapon'Andriamanitra Ray dia nanao fanatitra ny tenany izy, nanao fanatitra ny ainy, ny rany ho an'ny olona rehetra. Koa isika izay mino ny Kristy Jesosy ho Tompontsika koa mankato sy manaraka azy dia tsy manao fanatitra manolotra ny aintsika, na ny rantsika ho fanavotana antsika fa manolotra ny tenantsika dia « fanompoam-pivavahana mety hataontsika » izay misy toetra telo dia : « velona, masina, sitrak'Andriamanitra » (andininy 1b).

Misy ady koa ao anatintsika dia ny tsy hanaovantsika izay fanompoam-pivavahana araka izay sitratsika sy heverintsika, na izay mifanahaka amin'ny fomba amampanaontsika malagasy fa anaovatsika fanompoana mifanahaka amin'ny endrika telo dia « tsara sady ankasitrahana no tanteraka » (andininy 2b).

2. Taomina isika ibebaka azahoantsika manao fanompoana araka an'Andriamanitra

Isika kristiana rehetra dia manao fanatitra, saingy matetika, ary soa fa tsy izany foana fa indraindray, dia manao izany ho an'ny tenantsika azahoantsika rehareha sy voninahitra. Misy koa misaina fa manao betsaka sy tsara dia mahazo valiny betsaka sy tsara. Misy koa misaina fa manao kely sy ratsy dia mahazo valiny kely sy ratsy.

Izay raisintsika anefa dia tsy misy avy amintsika fa fahasoavana avy amin'Andriamanitra daholo ; koa azahoantsika ho mpandresy dia fohazina isika, taritina isika, taomina isika hiova fisainana, ibebaka. Ny fibebahana dia eo anivon'ny fisainana izay mitoetra eo amin'ny fo ; ary ambaran'ny Soratra masina rehetra fa ny fo dia tsy toeran'ny sento fa voalohany indrindra toeran'ny fanapahan-kevitra. Rahefa miova ny saina, *metanoia* hoy ny teny fototra, rehafa miova ny fanapahan-kevitra, rahefa mibebaka, *se repetenir*, rahefa miova ny ao anaty dia izay vao afaka miova ny ivelany, miova ny famindra, miova lalana, *se convertir*.

Ahazahaontsika manao ny fanatitra, manao ny fanompoana ho tsara sady ankasitrana no tanteraka dia taomina, ampaherezin'ny apostoly isika hiova saina, ibebaka ; hoy ny apostoly « miovà amin'ny fanavaozana ny saina hamantaranareo ny sitrapon'Andriamanitra » (andininy 12/2a) ary hoy ny Diem « metezà hovan'Andriamanitra ka hihavao saina tanteraka ». Ny antony dia ny hamatarantsika ny sitrapon'Andriamanitra amin'ny fanaovana fanompoana, fanaovana fanatitra izay tsara sady ankasitrahana no tanteraka.

Vaovao mahafaly ho antsika izany ahatonga antsika ho mpandresy amin'ny fanompoana ataontsika. Ny tenin'Andriamanitra irery ihany no afaka mampiova ny fiainantsika. Andriamanitra irery ihany no afaka manova ny fisainantsika. Ary fahasoavana ho antsika no mbola ilazana sy andrenesantsika ny tenin'Andriamanitra. Raha mahavita mibebaka isika dia tsy noho isika fa noho ny tenin'Andriamanitra mitoetra sy manjaka amintsika.

Rahefa Andriamanitra sy ny teniny, rahefa Kristy Jesosy sy ny teniny no ataontsika eo ampovoany, na eo aloha mitarika antsika, fa tsy ataontsika fanetsemana ny banga, dia afaka manompo isika ary mahafanatatra izay « tsara sady ankasitrahana no tanteraka » saingy mbola misy ady ataontsika satria mbola misy mandrahona antsika dia ny fitiavan-tena, ny fiverana fa hany no mahafantatra sy mahay ny zavatra rehetra koa ny hafa dia atositosika.

3. Taomina isika ihevitra izay asa sahaza antsika

Eo anatrehan'izany loza izany izany indrindra no mbola ananarana, itaomana, ampitandremana antsika ataon'ny apostoly baiko hoe : « aza mihevitra mihoatra noho izay tokony hoheverina ; fa mihevera izay onony araka ny fatran'ny finoana izay nozarain'Andriamanitra ho anareo avy » (andininy 3).

Misy ady ataontsika tsirairay ao anatintsikaamin'izany, ady ho amin'ny fanetren-tena, ady ho amin'ny fanajana ny asan'ny hafa, ady manome toerana ny hafa satria ny hafa koa dia nomen'Andriamanitra izay zarany araka ny nomen'Andriamanitra, hoy ny apostoly ianereo tsirairay avy dia manana « ny fatran'ny finoana izay nozarain'Andriamanita ho anareo ». Misy ady ao anatintsika izany ary ny vokany dia ny fandraisana ny hafa sy fanomezana ho an'ny hafa izay tsy inona akory fa ny fitiavana.

4. Taomina isika hampiasa ny fitiavana amin'ny fanompoana

Ny fanompoana ataontsika dia eo amin'ny fiangonana ary ankoatry ny finoantsika ny Kristy Jesosy sy ny fahasoavana izay omeny antsika dia ny fitiavana eo amintsika samy isika no fitaovana entinsika manompo.

Ady ao anatintsika izany, tsy itiavantsika ny tenantsika fotsiny fa itiavantsika ihany koa ny namantsika tahaka ny itiavantsika ny tenantsika. Ary raha mandresy amin'izany ady izany isika dia tsy noho isika fa noho ny ohatra nomen'ny Kristy antsika izay apetraky ny Fanahy masina ao amitsika ; tsy hoe « mifankatativa ianareo » fa « mifankatiava inareo tahaka ny nitiavako anareo » hoy Kristy Jesosy Tompontsika.

4. 1. Eo amin'ny fiangonana

Ary rahefa tonga amin'ny fifankatiavana isika ary mampiasa izany dia manome toerana ho an'ny hafa koa mitandro ny firaisana, mandala ny fiombonana, mampahery sy mampantanjaka ny fiangonana, « mampandro ny fiangonana » satria isika « na dia maro aza dia tena iray ihany ao amin'ny Kritsy ary samy miara-moba ny tena isika rehetra» (andininy 5).

Isika rehetra koa dia samy manana fanomezam-pahasoavana samy hafa araka izay nomena antsika ; ary noho ny fahatsapantsika izany sy fanekantsika izany dia mandala ny anjara fanatitra isika tsirairay avy koa miady ao anaty, mitolona manao izay sahaza ny tena fa tsy manao ny an'ny hafa (andininy 7-8). Maro no azo atao ary 7 no tanisain'ny apostoly : faminaniana, fanompoana, fampianarana, fananarana, fanomezana, fanapahana, famindram-po.

Ary ahatonga antsika handresy hatrany dia antritanterin'ny apostoly ny fitiavana ho fitaovam-piadiana ; ny fitiavana tsy misy hosoka, ny fitiavana mahay mandanjalanja, ny fitiavana mahay manavaka izay tokony ataon'ny tena sy ataon'ny hafa, ny fitiavana tsy miangantra : « aoka ny fitiavana ho amin'ny tsi-fihatsram-belatsihy » (andininy 9a).

Ahatomombana izany, isika dia toy ny miaramila, miaraka mila, koa tsy maintsy mitambatra ary manaraka baiko maro samy hafa, baiko miksika ny tena sy ny hafa ary baiko mikasik any tena samy irery, atao amin'ny famporisihana izay miisa 14, (andininy 9b-16a) :

1. mankahalà ny ratsy
2. mifikitra amin'ny tsara
3. mifankatia araka ny fifankatiavan'ny mpirahalahy
4. mitari-dalana amin'ny fifanomezam-boninahitra
5. mazoto fa tsy malaina, ao amin'ny fanahy mangotraka manao andevon'ny Tompo
6. mifaly amin'ny fanantenana

7. maharitra amin'ny fahoriana
8. mikiry ao amin'ny fivavahana
9. miantra ny olona masina araka izay ilainy
10. mazoto mampiantrano vahiny
11. misaotra izay manenjika
12. misaotra fa tsy manozona
13. miaraha mifaly amin'izay mifaly, ary miaraha mitomany amin'izay mitomany
14. miray saina

4. Eo amin'ny fiaraha-monina

Ny fanompoana dia tsy eo amin'ny fiangonana fotsiny ihany fa koa eo amin'izao tontolo izao izay anirahana antsika sy ifaneraserantsika. Ary mbola takina ihany ny fitiavana ho entina manao izay fanompoana izany ary misy baiko 7 ihany koa atao amin'ny fandrarana sy famporisihana izay omen'ny apostoly antsika (andininy 12/16b-21)

1. Tsy mihevitra izay hiavonavonana fa ho voatarika amin'ny fietrena
2. Tsy manao ny tena ho fetsy
3. Tsy mamaly ratsy na amin'iza na amin'iza
4. Miomàna hanao izay mahamendrika eo imason'ny olona rehetra
5. Mihavana amin'ny olona rehetra raha azo atao
6. Tsy mamaly faty
7. Mandresy ny ratsy amin'ny tsara

Famintinana

Taomina, amporisihana isika kristiana rehetra tsirairay avy anolotra ny tenantsika ho fanatitra satria omen'Andriamanitra famindram-po. Ahafatarantsika izay fanatitra araka ny sitrapon'Andriamanitra dia asaina manaiky isika hohavaozain'Andriamanitra ny fisainantsika.

Ny fivavahana, ny fampaherezana ataon'ny apostoly dia ny ahatsapantsika, ny aheresy lahatra antsika hazoto hanolo-tena.

Ny fitaovana ampiasaina dia ny fitiavana : mandray ny rehetra ary manome ho an'ny rehetra, koa misy toro-marika : Manao ny asa araka ny fatran'ny finoana. Manao izay araka ny fetra fa tsy manao ny zavatra rehetra. Manome toerana ny hafa. Tsy miavonavon-kevitra. Manetry tena. Mitandro ny fiombonana.

Raha tonga amin'ireo toerana ireo sy mahavita ireo isika dia tsy avy amintsika voalohany indrindra fa noho ny famindram-pon'Andriamanitra amintsika. Raha mahavita asa isika dia tsy noho isika voalohany inndrindra fa noho « Andriamanitra miasa ao anatintsika na ny fikasana na ny fanaovana hahanatreka ny sitrapony » (Filipiana 2/12).

Ny fanatitra dia fanompoana ao ampiangonana ary koa fanompona eo amin'ny fiaraha-monina.

Ny ady ataontsika dia ny manaiky ny itoeran'ny tenin'ny Kristy sy hanjakan'ny Kristy. Ary raha togna amin'izany toerana izany isika dia noho ny Fanahy masina.

Ny ady ataontsika dia ny manaiky ny ivavahan'ny Fanahy Masina izay mifona ho antsika amin'ny fitararainana tsy azo tononina sy manaiky ny ivavahan'ny Kristy Jesosy mitoetra eo ankavan'ny Ray mifona ho antsika.

Noho ny ataon'ny Tompo amintsika dia tsy miady irery isika ary noho izany antoka izany, ny fanompoantsika, ny fanoloran-tenantsika, ny fanatitra ataontsika dia marika hita maso fa efa ao amin'ny fandresena isika ary asaina mikolokolo izany ho mpandresy hatrany.

Ny fikolokoloana an'izany dia ataon'ny tena tsirairay avy nefa koa atao miaraka amin'ny fiangonana eo amin'ny fiangonana sy eo anivon'izao tontolo izao.

Ny zava-dehibe dia tsy izay fanatitra ataontsika fotsiny fa ny toetra entina manao izany sy ny fitaovana entina manao izany dia ny finoana an'Andriamanitra sy ny fitiavana ny olona rehetra.

Rakotoarimanana Ndranto, Mpitandrina
Bordeaux, faha 02 desambra 2015